



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA



ANTENIMIERAMPIRENENA

**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2020**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-57

**FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY
VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA-010/2019 TAMIN'NY 28 NOVAMBRA
2019 MOMBA NY FAMBOLENA ARA-BIOLOJIKA ETO MADAGASIKARA**

Fivoriana faha-3
Natao ny
Talata 12 Mey 2020
- Maraina -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: Andriamatoa isany: - RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle
- RABENIRINA Maminiaina Solondraibe

FOTOANA: Talata 12 Mey 2020 tamin'ny 10 ora sy 40 minitra, maraina.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dàlana laharana faha-010/2019 tamin'ny 28 Novambra 2019 momba ny fambolena ara-biolojika eto Madagasikara.

Nitohy ny Talata 12 Mey 2020 tamin'ny 10 ora sy 40 minitra, maraina, ny fivorian'ny Antenimierampirenena ka Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha, no nitarika izany.

Fiarahabana ny mpivory no nanombohany ny fitenenana ary taorian'izay, niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana ny anarana ny tenany. Andriamatoa RABENIRINA Maminiaina Solondraibe, Kestora Fahatelon'ny Antenimierampirenena no nanatanteraka izany.

Rehefa avy nisaotra ny Mpitantsoratra, Ramatoa Filoha dia nanambara fa nisy fizarana fitaovana "tablette" ho an'ny Solombavambahoaka tsirairay avy mba entina hanatsarana ny fomba fiasa, mbola homena ny "mot de passe" mikasika izany alohan'ny hampiasana azy. Amin'ny herinandro ambony, efa azo atao ny mandefa antontan-kevitra na "document" ao anatin'izany. Ho hita ao ny fanitsiana ny fivorian'ny "Conférence des Présidents" farany teo.

Taorian'izay, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana, Ramatoa Filoha, araka ny voalaza etsy ambony.

Rehefa izany, niangavy ny Mpitantsoratra indray izy hamaky ny asam-baomiera.

Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee no nanatontosa izany ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Alakamisy 7 Mey 2020 tamin'ny 9 ora sy sasany, maraina, ny Vaomieran'ny Fambolena sy ny Fampandrosoana ny eny Ambanivohitra nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-010/2019 tamin'ny 28 Novambra 2019 "sur l'Agriculture biologique à Madagascar".

Andriamatoa RASIDIMANANA, Filoha Lefitry ny Vaomieran'ny Fambolena sy ny Fampandrosoana ny eny Ambanivohitra, no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana.

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 01- ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot
- 02- RABEMANANTSOA Herilala Jeannot
- 03- ANDRIANAMBININA Djohary Lee
- 04- RAKOTOARIMANANA Patrice
- 05- RAKOTOMALALA Lucien
- 06- RAKOTONDRAZAFY José Alain
- 07- RAKOTORAHALAHY Modeste
- 08- RAMAHANDRISOA Edmond
- 09- MICHELLE BAVY ANGELICA
- 10- DINAH ROMUAL
- 11- RASIDIMANANA
- 12- RAZAFINDRIANTSARA Jonhson Anatol
- 13- RAKOTOMANJATO Rodin
- 14- RANDRIANASOLO Augustin
- 15- MAMIHAJA Charlot

Tsy mpikambana ao amin'ny vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana.

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 01- REMI DIT DJAO JEAN
- 02- RAHERIARIJAONA Régina Clarisse
- 03- RAZANADRABEARIMANANA Jacques Aurélien

Nahatonga fialan-tsiny ny Solombavambahoaka RABENARY Jean.

Ireto ny teknisiana tonga nanatrika ny fivoriana.

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- | | | |
|-----|-----------------------|------------------|
| 01- | RANARIVELO Lucien | Ministre/MAEP |
| 02- | RABEONY Voara | DAJC |
| 03- | SESY SOJA | CASEF/MAEP |
| 04- | RAKOTONIAINA Marinà | DAAB |
| 05- | LIAGRE Laurent | Consultant MAEP |
| 06- | RAKOTOMAINTY Haintsoa | SDTPA/DAAB /MAEP |
| 07- | BEHAJA Alain | Consultant MAEP |
| 08- | RAMAROSON Lantonirina | DG/MAEP |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha, nomeny avy hatrany ny Minisitry ny fitenenana mba hitondrany fanazavana momba ity volavolan-dalàna ity.

Nambarany fa ny famokarana ara-biolojika dia mahasahana ny sehatra fambolena, ny fiompiana, ny fiompiana trondro (aquaculture) ary ny fiotazana ny vokatra avy amin'ny zavaboahary na dia tsy nambolena aza. Tsy ao anatin'izany kosa ny vokatra avy amin'ny jono sy ny fihazana.

Nomarihany fa ny famokarana biolojika amin'ny ankapobeny dia isan'ny zavatra mivelatra maneran-tany tao anatin'ny 20 taona ka nahitana fiakarana 12% isan-taona satria ny mpanjifa dia mirona kokoa amin'ny fanjifana ny vokatra biolojika.

Eto Madagasikara, tafiditra 110 tapitrisa Dolara ny vola miditra amin'ireo mpandraharaha avy amin'ny vokatra ara-biolojika.

Tamin'ny taona 2018, tafakatra 48.000 ha ny nahafehy ny fambolena biolojika, 120 ny fikambanan'ny tantsaha ary 227 ireo orinasa mampiasa olona hatramin'ny 7000 izay samy mivondrona ao amin'ny fambolena biolojika. Tsy latsaky ny 30.000 ireo mpamokatra izay misehatra amin'ny fambolena biolojika.

Azo tanisaina amin'izany ireo voankazo sy ny legioma toy ny «letchis», ny mananasy, ny garana, ny manga, ny «haricots verts», ny «artemisia» sy ny voly fanondrana toy ny lavanila, jirofo, «cacao», «cannelle», ny «huiles essentielles», ny makamba ompiana, ny «huile de palme» izay samy tafiditra amin'ny famokarana ara-biolojika avokoa.

Tsapa ary hita fa marefo izy ireo ankehitriny satria tsy mbola misy ny lalàna miaro azy ka izany no antony nanaovana ity volavolan-dalàna ity mba hiarovana io seha-pihariana sy famokarana io mba hahafahana mampivelatra azy ireo bebe kokoa.

Na teo aza ny fifanakalozan-kevitra izay niarahana tamin'ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana ary ny Jono dia nitondra ny anjara birikiny ihany koa ny Minisiteran'ny Fahasalamana, ny Minisiteran'ny Indostria, ny Minisiteran'ny Varotra, ny Minisiteran'ny Tontolo Iainana ary ny sehatra tsy miankina.

Ahitana Toko miisa fito (07) sy andininy miisa dimy amby telopolo (35) ity volavolan-dalàna ity. Hita ao anatin'izany ny famaritana ny fambolena biolojika, ny fampiasana azy, ny «étiquetage» ary ny toerana ahafahana manao izany toy ny faritra arovana. Hita ao koa ny fahefam-panjakana sy ireo sazy ampiharina amin'ireo olona tsy manaraka ny fenitra takiana. Atsangana ihany koa ny Komity mamaritra ny fambolena sy ny vokatra ara-biolojika.

Hita ao amin'ny andininy faha-7 ny fahefam-panjakana, soloin'ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana tena, izay manangana ny Komity miara-miasa amin'ny Minisitera manaramaso ny famokarana biolojika sy mamoka antontan'isa.

Amin'ny andininy faha-8, ny fampiroboroboana ny sehatra fambolena biolojika izay mifototra amin'ny fampiofanana ny tantsaha sy ny famporisihana azy ireo.

Voafaritra ato anatin'ity volavolan-dalàna ity ihany koa ny faritra azo anaovana ny fambolena biolojika.

Ao amin'ny Toko faha-III kosa ny momba ny fifampivarotana, ny mpandraharaha izay te-hisehatra amin'ny varotra biolojika izay tsy maintsy manaraka ny lalàna. Ao ihany koa ny famaritana ny vokatra azo atao hoe biolojika, ohatra amin'izany ny «produits domestiques» izay tsy maintsy mahazo «certifications». Tsy maintsy arahina ihany koa ny voarakitra ao amin'ny bokin'andraikitra na «cahier des charges» raha toa hisehatra amin' io fambolena io.

Ny Toko faha-IV milaza ny vovonam-pirenena izay mijery manokana momba ny fambolena biolojika. Ireo mpikambana mandrafitra izany dia ireo rafi-panjakana rehetra, ireo mpamokatra, ireo orinasa mpanodina sy mpanondrana ary mpandraharaha.

Ny anjara andraikitra ny vovonana dia mametraka ny tolo-kevitra amin'ny bokin'andraikitra sy manome fahazoan-dalana ary mandray fitarainana.

Ny Toko faha-V dia mikasika ny fahafahana manao ny «certification» sy manome ny antontan'isan'ireo mpandraharaha nahazo «certifications».

Tsy maintsy mahazo «agrément» ny olona misehatra amin'ny fambolena biolojika, (andiny faha-19).

Ny Toko faha-VI milazalaza ny sazy amin'ny fandikana ny lalàna, fanajana ny fepetra takian'ny lalàna ka anisan'izany ny fametahana ny «étiquette» sy ny fiarovana ny zon'ny mpanjifa. Anisan'ny fandikana lalàna ihany koa ny fidirana ao amin'ny sehatra kanefa tsy nahazo «agrément». Rehefa misy ny fandikana lalàna dia efa voafaritra ato amin'ny volavolan-dalàna ny fepetra raisina amin'izany fa ny fitsarana no tompon'ny teny farany.

Nomarihan'Andriamatoa Minisitry, fa ity volavolan-dalàna ity dia atao mba hisian'ny fifampitokisana eo amin'ny mpanjifa sy ny mpamokatra satria manana adidy ny fahefampanjakana sy ny Mpanao lalàna hametraka lalàna hifampifehezana sy hiaro ny vokatra biolojika mba tsy hahalatsa-danja izany amin'ny sehatra ara-barotra iraisam-pirenena.

Ao amin'ny andiny faha-2 izay ahitana ny famaritana ny famokarana ara-biolojika, milaza fa mampisy «équilibre naturel» ny fampiasana io fambolena io na dia eo aza ny fampiasana akora simika kely dia kely ary manala ny «Organismes Génétiquement Modifiés» (OGM).

Taorian'izay, niroso tamin'ny adihevitra ny mpivory ka nandrosoan'ny Solombavambahoaka sosokevitra sy fanamarihana ary nametrahany fanontaniana.

Sosokevitra:

- Tokony hamoraina ny fahazoan'ny tantsaha «certification» mba tsy ho ny mpandraharaha lehibe irery no hahazo tombotsoa amin'izany;
- Tokony hanangana sampandraharaha manokana misahana ny famokarana biolojika ny Minisiteran'ny Fambolena;
- Ho fampiroboroana ny seha-pamokarana, ohatra famokarana voanjo, dia tokony hamaivanin'ny Minisiteran'ny Tontolo lainana ny fahafahana manatanteraka izany;
- Hampiroborobo ny seha-pamokarana biolojika no tanjon'ity volavolan-dalàna ity kanefa tsara ihany no hiarovana ireo fambolena efa misy. Tokony ho hentitra ny fanaraha-maso ataon'ny Minisiteran'ny Varotra amin'ireo mpandraharaha izay mividy vokatra halatra na vokatra mbola tsy tokony hotazana fa manimba ny lazan'ny vokatra biolojikan'i Madagasikara, ohatra ny lavanila;
- Tokony hatsangana ny kaoperativa ho an'ireo tantsaha mpamokatra ary tsara ihany koa ny hamerenana ny «génie rural» sy ny lehiben'ny mpamboly na «contremaître». Havaozina ireo fotodrafitrasa efa nisy toy ireo tohodrano, tranobem-bokatra, (magasin de stockage). Tokony hampitomboina ny isan'ireo mpiasan'ny Minisiteran'ny Fambolena eny ifotony;
- Tokony faritana mazava tsara ny vary azo aondrana sy hohanina eto an-toerana;
- Tokony haraha-maso ny fanomezana ny «agrément» satria misy amin'ireo mpandraharaha no tsy mahazo «commande» anefa mahazo «agrément».

Misy kosa ireo mahazo «agrément» kanefa tsy mahazo «commande» hany ka amin'ny vidimbokatra izy ireo no maka ny tombony;

- Tokony haverina atsangana ny «cargo» mba hahafahana manamora ny fanondranana entana, indrindra ny vokatra biolojika.

Fanamarihana avy amin'ny Solombavambahoaka:

- Misy ny faritra izay tsy maintsy mila zezika izay vao mamokatra ny tany toy ny eto afovoan-tany kanefa tsy takatry ny tantsaha ny vidin'ny zezika simika na zezi-bazaha ka tsara raha ampiana na ampianarina manodina zezika mineraly sy organika;

- Amin'ireo faritra izay mbola mamokatra ara-boajanahary toy ny any amin'ny faritra atsinanan'ny Nosy sy any Menabe dia tsy mampiasa zezika simika. Tsara ny ijerena azy ireo manokana fa indrindra ny lalam-barotra mba tsy hahasimba ny vokatra;

- Raha hamboly hazo isan-taona ihany ny eto Madagasikara dia tsara raha hazo fihinam-boa sy voly fanondrana toy ny jirofo no ambolena mba hahafahan'ireo tantsaha any ifotony manara-maso izany;

- Eto afovoan-tany dia sarotra ny famaritana ny vokatra biolojika noho ny fampiasana ireo zezika avy amin'ny biby izay mihinana praovandy misy vokatra simika. Tsara ny hanaovana fanaraha maso izany mba hanaraka ny fenitra takian'ny mpanjifa amin'ny maha biolojika ny vokatra;

- Mba ho famporisihana ny tantsaha eny ifotony hamokatra ny vokatra biolojika dia tokony hatsaraina ny lafiny fandriampahalemana;

- Mila fijerena akaiky ny Ivontoeram-pikarohana na «centre de recherche» izay manao fikarohana momba ny ambioka, ao Ambohitsilaozana Faritra Alaotra, fa tsy mihodina.

Fanamarihana avy amin'ny teknisiana:

- Momba ny famokarana biolojika, hapetraka ny faritra manokana (zonage) hamokatra io vokatra io ka ny faritra efa nahitana izany hatrizay no atao laharam-pahamehana;

- Ezahana hapetraka ny «bio pesticide» mba hisorohana ny bibikely mpanimba voly, indrindra ny fambolena katsaka. Ohatra amin'izany ny fampiasana nimo...

- Apetraka ny tsena moram-panjakana hanampiana sy hampitaovana ny tantsaha mba ho fampiroboroana ny famokarana biolojika;

- Mba ho fampiroboroana ny seha-pamokarana eto Madagasikara izay iadiana amin'ny tsy fanjarian-tsakafo, tokony tsy havela ho tratry ny tsy fanjarian-tsakafo ihany koa ny fambolena eny an-tsaha amin'ny alalan'ny fanomezana «vitamine» ny tany;

- Natsangana ny «State Procurement of Madagascar» mba hiara-hiasa amin'ny Fanjakana amin'ny fanangonam-bokatra indrindra ny vary sy ny fifehezana ny vidiny.

- Ny «certification» izay omen'ny Fanjakana, eto an-toerana ihany fa ny omen'ny ECOCERT kosa dia maneran-tany. Anjaran'ny mpanafatra no mitaky ny «certification» ilainy.

Fanontaniana:

- 1- Mety hanimba ny kalitaon'ny vokatra biolojika ve ny fampiasana ny fanafody simika famonoana fody sy voalavo.

- 2- Firy isan-jaton'ny tetibolam-panjakana no natokana ho an'ny Minisiteran'ny Fambolena.

- 3- Nisy ny fampanantenana nataon'ny Filohampirenena dia ny hanomezana tany 1ha avy ho an'ireo tanora any ambanivohitra hambolena. Aiza ho aiza izany amin'izao.

- 4- Vitsy ny Dokoteram-biby, (vétérinaires) eto Madagasikara. Misy anefa ireo nahavita fianarana avy amin'ny Oniversite tsy miankina izay voasakantsakana eo amin'ny fanatanterahana ny asany. Inona no vahaolana arosan'ny Minisitera amin'izany.
- 5- Ny famokarana rehetra eto Madagasikara ve atao biolojika avokoa.
- 6- Moa ve ny Kaoperativa ihany no afaka misitraka amin'io tsenam-panjakana io.
- 7- Momba ny «canal P2» any Bas-Mangoky, olom-bitsy ihany no mahazo tombotsoa amin'izy io. Inona no fepetra raisin'ny Fanjakana amin'izany.

Valiny:

- 1- Efa misy ny fanafody biolojika famonoana ireo voalavo sy fody. Efa misy 13 ny fanafody famonoana bibikely natoraly «homologué»;
- 2- Noho ny fahamaroan'ny hamehana misy eto amintsika toy ny tsy fandriampahalemana sy ny ara-pahasalamana dia fito isan-jaton'ny tetibolam-panjakana ny an'ny Minisiteran'ny Fambolena;
- 3- Raha mahita tany malalaka ny Solombavambahoaka, azo atao ny fizarana izany izay iarahana amin'ny Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany;
- 4- Mikasika ny dokoteram-biby manokana dia efa misy volavolan-dalàna izay haroso atsy ho atsy ety amin'ny Parlemanta hifehezana izany;
- 5- Tsy voatery ho biolojika avokoa ny famokarana rehetra eto Madagasikara fa safidy ny fanaovana izany;
- 6- Tsy ny Kaoperativa ihany no afaka misitraka ny tsenam-panjakana fa ireo tantsaha manana ny «carte de producteur digitalisée»;
- 7- Efa nandraisan'ny Filohampirenena fanapahan-kevitra ny momba ny rahahara Bas-Mangoky;

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandaniana ny isan'andinin'ny volavolan-dalàna ireo mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fambolena sy ny Fampandrosoana ny eny Ambanivohitra.

- Famelabelarana ny Antonantony: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- TOKO VOALOHANY:

Andininy voalohany hatramin'ny andininy faha-6: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- TOKO FAHA-II:

Andininy faha-7 sy andininy faha-8: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- TOKO FAHA-III:

Andininy faha-9 hatramin'ny andininy faha-14: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- TOKO FAHA-IV:

Andininy faha-15 hatramin'ny andininy faha-17: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- TOKO FAHA-V:

Andininy faha-18 hatramin'ny andininy faha-20: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- TOKO FAHA-VI:

Andininy faha-21 hatramin'ny andininy faha-30: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- TOKO FAHA-VII:

Andininy faha-31 hatramin'ny andininy faha-35: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Taorian'izay, nolanian'ny Vaomieran'ny Fambolena sy ny Fampanandrosoana ny eny Ambanivohitra tamin'ny endriny tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny volavolandalàna laharana faha-010/2019 tamin'ny 28 Novambra 2019 “sur l’Agriculture biologique à Madagascar”, ary hoentina eo anivon'ny Fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 1 ora sy sasany, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra ny mpivory, ka ny Solombavambahoaka aloha no nomena fitenenana izay vao ny solotenan'ny Governemanta.

Nanambara Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, fa mikasika ny «Conférence des Présidents” farany teo; efa nisy fanitsiana natao tamin'izay fotoana izay saingy tsy mbola feno hatrany izany, tsy tao ny Vaomieran'ny Fambolena izay voakasika mivantana amin'ity zavatra ity.

Namaly, Ramatoa Filoha, fa hojeren'Andriamatoa Sekretera Jeneraly ny momba izany.

Andriamatoa RAJOELINA Andriami-harimanana Seth kosa nanamarika fa tokony hojerena ny “impact environnemental» amin'ny zavatra tahaka izao.

Nanazava, Ramatoa Filoha, fa mbola tsy miditra amin'ny «fond» aloha isika fa fanitsiana no atao raha misy izany.

Nanao fanitsiana, Andriamatoa ANDRIANASOLO Augustin, ao amin'ny pejy faha-7 fa voly fanondrana no izy fa tsy hazo fanondrana.

Nanamarika, Andriamatoa RAKOTOMANJATO Edmond Georges, fa nihena ny fehin-kevitra voalaza ato amin'ny tatitra, tsy hita ato ny mikasika ny “vétérinaires”. Nankaiza daholo ireo zavatra nolazaina tany amin'ny asam-baomiera. Izany hoe, tsy feno ny tatitra raha ny marina.

Rehefa tsy nisy nanana fanamarihana sy fanitsiana ny tatitra intsony ny Solombavambahoaka dia nomen-dRamatoa Filoha, ny Minisitry ny Fiompiana sy ny Fambolena ny fitenenana.

Nilaza Andriamatoa RANARIVELO Fanomezantsoa Lucien, Minisitry ny Fiompiana sy ny Fambolena ary ny Jono, fa fanamarihana roa no hoentiny kanefa na izany aza, mazava ny tatitra teo.

Voalohany, tsara raha soloina ho famokarana ara-biolojika fa tsy atao hoe fambolena ara-biolojika ireo teny ao anaty tatitra. Izay no voambolana metimety kokoa hitondrana azy ity.

Faharoa, ao amin'ny pejy faha-7: hatsangana ny "State Procurement of Madagascar" fa tsy mitsangana. Io no hiara-hiasa amin'ny Fanjakana amin'ny fanangonana ny vary.

Rehefa vita izany, niangavian-dRamatoa Filoha, Andriamatoa Minisitry ny Fiompiana sy ny Fambolena ary ny Jono mba hamelabelatra fohifohy ny antonanton'ity volavolan-dàlana ity.

Voninahitra ho anay avy ato amin'ny Minisitery no ahazoanay manolotra ity volavolan-dàlana ity eto anatrehan'ny Antenimierampirenena. Efa ela no namolavolana azy ity, ary tsy izahay tao amin'ny Governemanta ihany no nanao izany, fa niarahana tamin'ny sehatra maro, toy ny sehatra tsy miankina sy ny mpamatsy vola. Taona vitsy lasa izay no efa nivoriana nanomanana azy ity. Maro ny fanontaniana mety hipetraka ary tsapa tany amin'ny asam-baomiera izany, toy ny hoe: ilaintsika ve ity fambolena ara-biolojika ity, hahazo tombony ve ny tantsaha. Efa maro ny firenena nampiasa azy ity ary mahatratra 12% amin'ny harin-karena ny vokatra azo aminy.

Marihana fa tsy ampiasana akora simika ity famokarana ity, toy ny vokatra ara-pambolena, ny fiompiana. Ny fihazana ihany no tsy ao anatin'ny.

Nisy vola fanampiny azo hanatanterahana ity tetikasa ity tamin'ny herin-taona izay mitentina "110 millions d'Euros" ary velaran-tany 48 000 ha no kendrena hanaovana ny famokarana, tantsaha eo amin'ny 30 000 eo no hahazo tombotsoa ary hampiasa olona any amin'ny 7 000 isa amin'izy ity. Ambony noho izany ny "valeur ajoutée" entiny ho an'ny firenena.

Raha ny tombotsoa azo kosa: manosika ny tantsaha hamokatra izy ity. Noho izany, hiakatra ny vola miditra.

Manaraka ny voalaza ao amin'ny «objectif durable pour 2030» koa ny fepetra ao anatin'ny. Afaka miatrika ny fiovaovan'ny toetr'andro ny famokarana atao ary voakojakoja ny harena voajanahary. Izany hoe, tsy mifanohitra amin'ny tanjona amin'ny fahavitan-tena ara-tsakafo ity volavolan-dàlana ity.

Tombony ara-pahasalamana, be otrikaina ny vokatra ho azo ka tsy hisy atahorana raha ny mikasika izay fahasalamana izay.

Azo lazaina fa ity volavolan-dàlana ity no fototra ametrahana ny fampandrosoana mikasika ny asa. Ity ihany koa no hampiakarana ny vina ara-biolojika. Hita ato koa ireo Faritra hamokarana izany araka ny voalaza teo aloha ka hanampy ny olona satria misy amin'ireo mpiara-miombon'antoka hanara-maso ny fandehan'ny asa. Izany hoe, hapetraka ny "système participatif de garanti", mora io rafitra io no an-taratasy na ny vola aloa ho sarany aza.

Mikendry ny hampiakarana tsara ny biolojika eto an-toerana koa isika. Izany hoe, mampirisika ny olona hanjifa ny vokatry biolojika. Napetraka ny “certification” na ny “agrément” izay milaza ny fitsipika tokony harahina. Ohatra, ny fametrahana “étiquette”.

Ity volavolan-dàlana ity koa dia ahafahana manalefaka ny tsindry avy any ivelany sy ny ato anatin'ny satria mba afaka mivelatra ny mpiantsehatra amin'ity lafiny ity, ka maro ny olona miandrindra azy na eto an-toerana na avy any ivelany.

Izay raha atao teny fohy ny momba ity volavolan-dàlana ity, fa vonona ny hamaly ny fanontan'ny Solombavambahoaka izahay, ary mitaona anareo mba handany azy ity.

Nanao fanamarihana Andriamatoa RAVELOSON Guillaume Narindrasana fa momba ny “huiles essentielles”, efa mihoatra ny 16 taona no nampisy azy teto amintsika, mitaky zavatra tsara, kanefa ny tsapa, simba ny ala eto an-toerana izay voalaza ao anaty “décret Mecie” hoe tokony harovana. Betsaka ny tsy manara-dalàna indrindra eny amoron-dalana eny. Jereo ny resaka tontolo iainana, toy ny “corridor” satria efa mihamafy izany. Fotoana tokony hijerena ny vidin'ny “huiles essentielles” koa izao ary tsara raha asiana ihany koa ny “label” momba izany.

Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène kosa nanamarika fa omena alalana avy hatrany ve ny fanondranana “crevette” sy “crabe” sa ny Sinoa no afaka manondrana izay vao ny Malagasy, satria hatramin'izay ry zareo no mahazo “autorisation” amin'ny fanaovana izany. Fanitsakitsahana ny zon'ny Malagasy izany. Raha hanao an'ity zavatra ity, aleo ny mpiompy no manondrana fa tsy ny Sinoa.

Raha nandray fitenenana kosa Andriamatoa RAZAFINANDRASANA Raulan, nilaza fa ho lany ity volavolan-dàlana ity.

Nomarihany ihany koa, fa manao biolojika ny vahoaka any aminy, tsy mandray vola ny olona ao amin'ny CSA na (Centre de Service Agricole) kanefa ireo no miara-miasa amin'ny tantsaha. Tsara angamba raha jerena izay lafiny izay.

Nangataka ny hamerenana ny “pepinière” momba ny lavanila koa ny tenany satria taloha isika no mpanondrana izany voalohany eran-tany, amin'izao anefa toa lasa farany.

Nanambara Andriamatoa RAKOTOMANJATO Edmond Georges, fa efa maro no voalaza tany amin'ny kaomisiona, hatsangana ny “State Procurement of Madagascar”, sampandraharaha inona io. Sao hanao “monopole” io ka tokony hovaina.

Raha nomena fitenenana Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, nilaza fa zavatra telo no hambarany:

- mikasika ny “cahier des charges”, feno ny voalaza ato amin'ity volavolan-dalàna ity, izay hifehy azy. Fanasaziana no hita ato fa ny fiarovana kosa aiza ho aiza. Tokony hatao “annexe” ny momba izany.
- miombon-kevitra amin'ny resaka “label” voalaza teo koa ny tenany.
- mikasika ny “State Procurement of Madagascar”, tsenam-barom-panjakana ve io sa ahoana.

Rehefa izany, nomen-dRamatoa Filoha an'Andriamatoa Minisitry ny fitenenana hamaliany an'ireo fanontaniana ireo.

Nambaran'Andriamatoa RANARIVELO Fanomezantsoa Lucien, Minisitry ny Fiompiana sy ny Fambolena ary ny Jono, fa afaka mifanaraka tsara amin'ity volavolan-dalàna ity ny "décret Mecie" saingy io "décret" io no manome alalana amin'ny fahazoana ny "permis environnemental".

Betsaka ny famokarana tsy manara-dalàna amin'iny RN7 iny, tsapa fa manimba ny tontolo iainana izany, ka hojerena ny momba azy.

Mikasika ny fiantsoana ny "label", efa voalaza ato amin'ny andininy faha-7 amin'ity volavolan-dalàna ity ny momba izany. Tombony ho antsika ny fananana "biodiversité" ka tokony hahay hanararaotra izany isika.

Tamin'ny sosokevitra nataon'ny Solombavambahoaka avy any Moranofenobe teo, ireny no nahafahana nanao "réforme" ary hisy "décret" horaisin'ny Governemanta amin'ny hijerena ny vola miditra amin'ny Fanjakana satria nifangaro izany teo aloha.

Raha misy olona te-hisehatra amin'ny fiompiana Makamba, tokony tsy hanana olana amin'izany isika raha toa ara-biolojika no anaovana azy.

Momba ny CSA na (Centre de Service Agricole), rafitra sadasada ihany io, ONG izy io kanefa nahazo fanohanana avy tamin'ny Minisitry. Tokony efa hahaleotena izy noho izany.

Amin'izao isika miteny izao, mbola avy amin'ny Faritra ny teknisiana ao amin'ny Minisitry, halefa any amin'ny Distrika izy ireny ato ho ato, miisa 50 no halefa any amin'ity taona ity. Izay no hanoloana miandalana ny CSA na (Centre de Service Agricole), ary avela hanana sata manokana amin'ny maha ONG azy izy.

Ny SPM dia fanapahan-kevitra noraisina tao amin'ny Governemanta ary nandalo Filankevitry ny Minisitry. Mba tsy hampisy olana no antony nametrahana an'io rafitra io, indrindra amin'izao ady atao amin'ny "covid-19" izao. Fandraisana andraikitra io mba hialana amin'ny fidangan'ny vidin'entana, indrindra ny PPN, ao anatin'izay ny vary.

Efa jerena ny andraikitra horaisin'ny SPM na (Société de Participation de Madagascar) amin'ny resaka tahirim-bary rehefa tonga ny maitso ahitra. Fiaraha-miasa no takiana amin'izany zavatra izany.

Mikasika ny "cahier des charges", tsy maintsy misy fepetra raisina "texte règlementaire" hamaritana izany satria mivoatra araka ny vanim-potoana ny zavatra iainana.

Taorian'izay, mbola nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana hatrany ny Solombavambahoaka.

Nanamarika Andriamatoa PEPIN MICHOU, raha nandray fitenenana fa mampijaly ny vahoaka any aminy ny resaka vidim-bary, 1 300 Ariary ny iray kilao taloha, amin'izao lasa 800 Ariary izany. Tsarovy, hoy izy, fa mitrosa ny tantsaha rehefa hamboly. Mila jerena izany ary tokony hidina any an-toerana ny Minisitry ny Fiompiana sy ny Fambolena. Omeo masomboly koa izahay fa mijaly ny tantsaha.

Andriamatoa RABEKIJANA Solofo Hery indray nilaza fa efa nisy orinasa napetraka tany Amparafaravola hanaovana zezika biolojika, nanao ahoana ny dian'ny Minisitry tany, fa toa tsy nilazana akory ny Solombavambahoaka. Raha izahay manokana, aleo zezika biolojika no ampiasaina fa izay no mety amin'ny tantsaha, fa tsy zezika simika. Mamokatra vary biolojika ny tantsaha any aminay, maninona raha ampiana ny masomboly mba hampiakatra ny habetsahan'ny vokatra.

Momba ny resaka "artemisia" ao Andrebakely, tamin'ny taona 2009, betsaka ny vokatra azo, fa tsy mahazo tombony ny tantsaha, ny "Bionex" irery no manjaka tokana amin'ny fividianana azy. Aleo anaovana "appel d'offres" ny fivarotana ny vokatra.

Raha nandray fitenenana Andriamatoa DARKHOUÏ Siritis, nilaza fa tsara ny tatitra fa saingy ny olana, tsy manao ny asany ny teknisiana. Betsaka ny vokatra azo fa manjaka ny kolikoly, misy manao tatitra vilana any aminareo. Ohatra amin'izany, tsy mitovy ny toetr'andro eto amintsika hany ka lasa mampiasa zezika simika ny tantsaha. Mila jerena izay zavatra izay.

Tsotra ny an'Andriamatoa RANDRIANASOLO Augustin, tsara hoy izy; ity volavolan-dalàna ity ka nahoana raha laniana avy hatrany.

Nilaza Andriamatoa DONAVAN Sidonie Jimmy Johnny amin'ny resaka voly paraky any aminy, fa misy Kaominina mivelona amin'izany. Savain'ny orinasa OFMATA ny tranon'ny mpamboly ary lasany ny vokatra paraky. Mila jerena izay sao lasa hisy fitsaram-bahoaka amin'ny ataon'io orinasa io. Vatsio zezika koa ny tantsaha dia esorina ny vidiny rehefa miakatra ny vokatra. Jereo ihany koa ny kolikoly izay manjaka momba io fambolena iray io.

Rehefa izany, nomen-dRamatoa Filoha an'Andriamatoa Minisitry ny Fiompiana sy ny Fambolena ny fitenenana hamaliany an'ireo fanontaniana ireo.

Nambarany fa mandalo fotoan-tsarotra isika amin'izao fotoana izao, misedra olana ny voly hasy. Raha ny vahaolana, fampandraisana anjara ireo orinasa lehibe. Ankilan'izay, hojerena akaiky koa ny vidin'ny hasy izay nisy fidinany.

Nametraka "plan d'urgence sociale" isika ary amin'ny herinandro ity dia hijery paikady ankapobeny ho an'ny eny ambanivohitra ny departemanta tsirairay avy. Ao no hijerena ny fanohanana ny seha-pamokarana eto Madagasikara. Mbola ho avy eto ny Praiminisitry Lehiben'ny Governemanta hitondra izay zavatra izay.

Mikasika ny masomboly, hojerena izay araka ny toromariky ny Filohampirenena, hatao izay hampiakarana ny hanam-pamokarana eto amintsika.

Momba ny fanamboarana zezika tany Morarano Chrome, efa nidina tany izahay, tamin'ny taona 2008 no nanafarana "tracteur" sy ny fitaovana hafa, tsy voatsangana ny orinasa noho ny antony maro, ka aleo mitady paikady hafa toy izay hanangana an'io satria mitarika fatiantoka. Havadika "magasin de stockage" io toerana io afaka fotoana fohy.

Mikasika ny vokatra vary biolojika: tsara izany ka tohizo.

Resaka "Artemisia": omaly no nivory ny Governemanta hametraka paikady amin'izany satria tombony ho antsika ny famokarana azy.

Momba ny lavanila: "arrêté Ministériel" no mamoka ny daty fiotazana. Tsy maintsy arindra isaky ny faritra izany daty izany.

Mikasika ny resaka voly paraky voalaza teo, hojerena akaiky izany.
Fankasitrahana no atolotra anareo tamin'ny filazana hoe, holaniana ity volavolan-dalàna ity.

Mbola mitohy hatrany ny fanomezana fitenenana ny Solombavambahoaka, ka Andriamatoa RAKOTORAHALAHY Modeste no nanohy izany ary nilaza fa samy afaka mamboly daholo ny rehetra. Misy ny zezika avy amin'ny omby kanefa tsy maintsy mampiasa zezika simika ny tantsaha. Lafo anefa ny zezika, koa azon'ny fanjakana atao ve ny mivarotra zezika mora ho an'ny mpamboly, heveriko fa tokony handefasana teknisiana ihany koa izy ireo.
Ahoana ny fahavitsian'ny "vétérinaire", ampio ny isany fa mijaly ny mpiompy satria maty ny ankabeazan'ny biby fiompin'izy ireo.

Nanambara Ramatoa RAKOTOMALALA DINA Taratriniaina, Solombavambahoaka voafidy tao Fandriana, fa efa misy ny famokarana ara-biolojika ka tokony hisy "atéliér" hatao ho an'ny tantsaha mba hahazoany fahalalana bebekokoa.

Tsy azon'ny fanjakana atao koa ve ny manome masomboly "artémisia" an'i Fandriana mba hambolena satria mitera-bokatsoa izany.

Mila jerena ihany koa ny tohodrano izay misy fahasimbany any amin'ny Distrika nahavoafidy azy satria mamelona tantsaha betsaka ny fahavitan'izany. Raha tsy izany, ny hanoanana no hamono ny vahoaka any fa tsy ny "coronavirus".

Araka ny voalaza teo aloha, tokony hampitomboana tokoa ny isan'ireo "vétérinaire" noho ny tsy fahampiany.

Raha nandray fitenenana Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert dia nanontany raha toa mbola biolojika ny trondro na tsia.

Ahoana ny rano any aminay izay misy mamefy, ny orinasa "Royal Sprite" no manao izany ka tokony handraisana fepetra.

Aiza daholo ny toerana hahazo tombony amin'ity volavolan-dalàna ity.

Nanambara Andriamatoa RABEMANANTSOA Herilala Jeannot, fa holaniana ity volavolan-dalàna ity. Firy isan-jaton'ny vahoaka Malagasy no mpamboly sy mpiompy amin'izao fotoana izao. Ohatrinona ny tetibola amin'ity "projet" ity.

Nomarihany koa, fa hisy krizy aorian'izao toe-draharaha misy eto amintsika izao ka tokony hojerena ny fomba entina hanampiana ny tantsaha.

Mba manome fanampiana amin'ny "travaux d'urgence" ve ny Minisiteran'ny Fiompiana sy ny Fambolena ary ny Jono sa tsia.

Ahoana ny "ristourne" amin'ny paraky, efa mora izany kanefa mbola tsy voalao hatramin'izao.

Teto dia nanamarika Ramatoa Filoha, fa tsy tokony hivaona amin'ity volavolan-dalàna ity ny resaka atao raha mety.

Rehefa izany, nomeny an'Andriamatoa Minisitry ny famaliana ny fanontaniana.

Namaly Andriamatoa Minisitry, fa tsy ny Faritra rehetra eto Madagasikara no afaka misitraka ny teknika biolojika fa misy ny "technique conventionnelle". Jerena ihany koa ny fambolena maharitra ary hisy teknika hapetraka manoloana izany.

Tsy maintsy lanjаланjaina ity famokarana iray ity, ka izay no antony ametrahana ny “zonage” miaraka amin’ny “cahier des charges”.

Mikasika ny “vétérinaire”, izy no nomena “mandat sanitaire” satria izay no lalàna. Tamin’ny taona 2004 no nametrahana izany niaraka tamin’ny OIE na (Organisme International des Epizooties). Misy fepetra ny fahasalaman’ny biby, noho izany nanapakevitra izahay hanao fanavaozana izany.

Hojerena ny momba ny tohodrano ao Fandriana araka ny voalaza teo.

Misaotra amin’ny fankasitrahan’ny maro amin’ny resaka Dokany mora.

Momba ny trondro, hisy “cahier des charges” hapetraka, ao koa ny «pisciculture en cage» hapetraka eto Analamanga, Itasy, Atsinanana fa voaray ny teny natao teo.

Mikasika ny rano misy mamefy, efa nisy baiko nomena momba izany.

Raha ny momba ny tetibola tamin’ny LFI, mahatratra 7,7% no anjaran’ny Minisiteran’ny Fiompiana sy ny Fambolena kanefa isika manana laharam-pahamehana betsaka. Misy zavatra maro maika tsy maintsy atao noho ity “coronavirus” ity, jerena ao anatin’izany koa ny velorano nataon’ny Filohampirenena.

Amin’ny resaka “artémisia”, efa nisy vaomiera natsangana ao amin’ny Governemanta hisahana izany. Ny antsika aloha hatreto no faran’izay tsara raha io vokatra io no jerena. Firy taonina no ho vokatra, iza no hanjifa azy, firy ny mpamboly hamboly azy satria ny Filohampirenena efa nilaza fa hanao orinasa hamokatra fanafody.

Misy tokoa ny “provande biologique”, atahorana sao misy O.G.M (Organismes Génétiquement Modifiés) anefa izany satria tsy “bio” tanteraka ka mila mitandrina isika.

Nanome fitenenana ny Solombavambahoaka indray Ramatoa Filoha, taorian’izay, ary nilaza Andriamatoa RAKOTOMANJATO Edmond Rodin Georges, fa mangataka mba hisian’ny rano ato amin’ny efitrano fivoriana.

Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré indray nanamafy fa sahirana amin’ny masomboly ny tantsaha. Koa mety ho fantatra ve ny fatiantoky ny tantsaha amin’ny fambolena vary, kafe, lavanila. Tsara raha fantatra izany satria mitrosa vola izy ireo ary amin’ny tahany ambony dia ambony ny zanabola. Misy orinasa lehibe manam-bola eto amintsika, toy ny CNAPS, ny “Caisse d’épargne”, azonareo atao ve ny mindram-bola amin’ireo hamatsiana ny “collecteurs” ary arahi-maso ny famerenana izany.

Maro koa ny lalana simba ka tokony hisy fiaraha-miasa amin’ny Minisitera hafa mba ahazoana mampiakatra ny vokatra.

Andraiso fepetra ireo “vétérinaire” miditra amin’ny resaka politika fa mijaly ny vahoaka, sady ny isany efa tsy ampy rahateo.

Teto dia nanamarika Ramatoa Filoha, fa fandanianana ny volavolan-dalàna no hatao eto ka tsy tokony hivaona amin’izany.

Nanao fanamarihana ny Solombavambahoaka MAMANGY Norbert fa tsy voaray mihitsy izy ireo rehefa mankany amin’ny Minisitera. Inona no mety ho anton’izany.

Mitovy tsy misy valaka amin’izany ihany koa no nambaran’Andriamatoa RAKOTOSON Hubert.

Rehefa izany, nilaza Ramatoa Filoha fa hiditra amin'ny fandaniahana isan'andiny ny mpivory. Nomarihany tamin'izany fa ahitana Toko miisa 7 ity volavolan-dalàna ity ary andiny miisa 35.

- Famelabelarana ny Antonantony: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Tsy nanan-kambara mikasika an'io Famelabelarana ny Antonantony io ny Solombavambahoaka tonga nivory.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 75 no nanaiky ny fanapahan-kevitra ny vaomiera, iray no nitsipaka; tsy nisy ny tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny Famelabelarana ny Antonantony.

- TOKO VOALOHANY:

Andiny voalohany hatramin'ny andiny faha-6: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Tsy nanan-kambara mikasika an'io andiny voalohany hatramin'ny andiny faha-6 io ny Solombavambahoaka tonga nivory.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 75 no nanaiky ny fanapahan-kevitra ny vaomiera, iray no nitsipaka ary tsy nisy ny tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny fanapahan-kevitra ny vaomiera.

- TOKO FAHA-II:

Andiny faha-7 sy andiny faha-8: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Tsy nanan-kambara mikasika an'io andiny faha-7 hatramin'ny andiny faha-8 io ny Solombavambahoaka tonga nivory.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 76 no nanaiky ny fanapahan-kevitra ny vaomiera, iray no nitsipaka ary tsy nisy ny tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny fanapahan-kevitra ny vaomiera.

- TOKO FAHA-III:

Andiny faha-9 hatramin'ny andiny faha-14: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Tsy nanan-kambara mikasika an'io andiny faha-9 hatramin'ny andiny faha-14 io ny Solombavambahoaka tonga nivory.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 76 no nanaiky ny fanapahan-kevitry ny vaomiera, iray no nitsipaka ary tsy nisy ny tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny fanapahan-kevitry ny vaomiera.

- TOKO FAHA-IV:

Andininy faha-15 hatramin'ny andininy faha-17: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Tsy nanan-kambara mikasika an'io andininy faha-15 hatramin'ny andininy faha-17 io ny Solombavambahoaka tonga nivory.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 76 no nanaiky ny fanapahan-kevitry ny vaomiera, iray no nitsipaka ary tsy nisy ny tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny fanapahan-kevitry ny vaomiera.

- TOKO FAHA-V:

Andininy faha-18 hatramin'ny andininy faha-20: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Tsy nanan-kambara mikasika an'io andininy faha-18 hatramin'ny andininy faha-20 io ny Solombavambahoaka tonga nivory.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 76 no nanaiky ny fanapahan-kevitry ny vaomiera, iray no nitsipaka, iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny fanapahan-kevitry ny vaomiera.

- TOKO FAHA-VI:

Andininy faha-21 hatramin'ny andininy faha-30: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Tsy nanan-kambara mikasika an'io andininy faha-21 hatramin'ny andininy faha-30 io ny Solombavambahoaka tonga nivory.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 75 no nanaiky ny fanapahan-kevitry ny vaomiera, iray no nitsipaka, iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny fanapahan-kevitry ny vaomiera.

- TOKO FAHA-VII:

Andininy faha-31 hatramin'ny andininy faha-35: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Tsy nanàn-kambara mikasika an'io andininy faha-31 hatramin'ny andininy faha-35 io ny Solombavambahoaka tonga nivory.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 74 no nanaiky ny fanapahan-kevitra ny vaomiera, iray no nitsipaka, iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny fanapahan-kevitra ny vaomiera.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra amin'ny ankapobeny mikasika ny volavolan-dàlana laharana faha-010/2019 tamin'ny 28 Novambra 2019 momba ny fambolena ara-biolojika eto Madagasikara, ny mpivory.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina, amin'ity volavolan-dalàna ity.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 75 no nandany ny volavolan-dalàna, iray no nitsipaka; iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha ampahibemaso fa lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna, ny volavolan-dalàna laharana faha-010/2019 tamin'ny 28 Novambra 2019 momba ny fambolena ara-biolojika eto Madagasikara.

Taorian'ny fahalianan'ny volavolan-dalàna dia nomena fitenenana, Andriamatoa Minisitry ny Fiompiana sy ny Fambolena ary ny Jono.

Nankasitraka ny Antenimierampirenena tamin'ny fandaniana ity volavolan-dalàna ity ny tenany. Nomarihany fa zava-dehibe ho an'ny firenena ny fahalianan'izy ity ary anisan'ny lalàna stratejika ihany koa satria manana "biodiversités" maro isika ka tokony hanararaotra izany. Nisaotra ny Antenimierampirenena koa izy maneho fiaraha-miasa amin'ny Governemanta.

Rehefa izany, nisaotra an'Andriamatoa Minisitry, Ramatoa Filoha, tamin'ny teny fankasitrahana natolony ny Antenimierampirenena.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha, izay fivoriambe hatao anio tolak'andro amin'ny 3 ora, mikasika ny toerana sy andraikitry ny Solombavambahoaka manoloana ny "Covid-19" iarahana amin'ny Minisitry ny Fahasalamam-bahoaka sy ny Minisitry ny Atitany ary ny Minisitry ny Fitaterana.

Niato tamin'ny 1 ora sy 40 minitra, atoandro ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona